Biraon'ny TIM Frantsa 2

Nanome fanampiana 900000 Ar ho an'ireo gadra politika miisa 12

*Tononkira*

TOLIARA MIHISA

Asco Music 4

# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 2 marsa 2021 Laharana 1134 Vidiny : **400 Ar**


Antoko MFM 3

Fametrahana Praiminisitra manana fahefana feno no vahaolana

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

## Kianja nohamasinin'i Papa 2

# Eny Soamandrakizay no hanavotana ny firenena



## Vehivavy TIM 2

# Naangona 1 861 000 Ar nanampiana ireo gadra politika 12



## Lalampirenena faha-32 (RN32) 7

# Tena ratsy ny lalana Antsohihy- Mandritsara



## Erikerika Madagasikara any Frantsa 5

# Atsaharo ny herisetra sy fanapotehana fiaraha-monina



## Kaomisaria Analamahitsy 6

Moto miisa 3 miandry ny tompony haka azy

## Taekwondo - Open Analamanga 6

Velom-bolo indray ny mpitia haiady

## Daka kely



Ialahy isany ve izany ry Boaikely no mampiditra mersenera eto a !

KIANJA NOHAMASININ'I PAPA

# Eny Soamandrakizay no hanavotana ny firenena

Tsy ankandasitra intsony, fa dia ho raikitra ny fanaovan'izy 6 mianadahy Solombavambahoaka voafidy teto Antananarivo Renivohitra tamin'ny anaran'ny Antoko Tiako i Madagasikara (TIM) tatitra, eny amin'ny Kianja Soamandrakizay amin'ny Sabotsy 6 Martsa2021 ho avy izao.

**Kianja Masina io**

Tamin'ny fandalovan'ny Ray Masina François teto Madagasikara, tamin'ny voalondohan'ny volana Septambra 2019 dia teo amin'ny Kianja Soamandrakizay, no notanterahina ny fotoambavaka lehibe notarihan'ity Ray amandrenimpiangonana eken'izao tontolo izao ity, teo koa no nitanisan'i Papa ny mahazavadehibe ny fifankatiavana sy ny fihavanana, ary indrindra ny nanambarany ny maharatsy ny kolikoly, ny herisetra, ny fanamparampahefana amin'ny endriny samihafa ary ny fanavakavahana tsy mitondra fampandrosoana.
Miendrika ho fanamasinana ny kianja nataon'i Papa François ny fanaovana ny fotoampivavahana goavana teny Soamandrakizay, satria io izany no "Basilic" n'i Masindahy Piera toy ny ao " Vatican" raha eto amintsika.

**Nilatsahan'ny Fanahy Masina ingahy Préfet**

Ny Sabotsy 20 Febroary 2021 dia nanam-pikasana hanao tatitra ho an'ny vahoakan'Antananarivo teo amin'ny Kianjan'ny 13 Mey ireo Solombavambahoaka 6 mianadahy voafidy teto Antananarivo Renivohitra,rehefa nolavin'ny Ben'ny tanàna Vazahabe ny fidirana tao Ambohijatovo.
Ny zoma 19 Febroary2021 dia nanambara Ingahy Préfet, fa tsy azo ekena ny fidirana ao amin'ny kianjan'ny 13 Mey, fa omena ny Kianja Soamandrakizay ireo depiote, satria mifanaraka amin'ny lalàna ny fanaovan'izy ireo tatitra amin'ny vahoaka, saingy tsy nanaiky izany izy 6 mianadahy, satria fohy loatra ny fotoana tsy nahafahana nampiomana ireo vahoaka hihaino tatitra.
Ankehitriny ampy tsara ny fotoana niomanana na ho an'ny vahoaka na ho an'ireo Depiote, dia raikitra izany amin'ny Sabotsy 6 martsa izao, azo antoka fa tsy ny Préfet no ho sakana amin'ny fanantontosana izany, satria hevitra nivoaka avy any aminy ny fandehanana eny Soamandrakizay, ary azo inoana mihitsy fa ny Fanahy Masina no nibitsika tamin'ity tompon'andraikitra eto antanàna ity, ny anarany rahateo dia miteny ho azy ny hoe: "Ravelonarivo" natao hamelona ny vahoakan'Iarivo, mbola miampy ho "Angelo", avy amin'ny anjely anie izany e! f'angaha izay ihany fa mbola misy fanampiny koa hoe "Christian", vao mainka fatratra fa avy amin'ny hoe "Kristy".
Misy ireo manely tsaho fa mety tsy ahazo fankatoavana amin'ny tompon'ny tany hono, tsy iza io fa ilay mpandraharaha karana efa tompontany Rajabaly, izay tsy azo inoana ny isian'ny fandavana, satria azo lazaina hoe efa tena malagasy ry Rajabaly mianakavy, satria efa niara-niaina sy nifamelona tamin'ny malagasy nandritra ny taona maro, ary vahoakan'Antananarivo tokony hahazo tatitra izy mianakavy. Mikasika an'Ingahy Ben'ny Tanàna Vazahabe dia tsy hanankambara intsony izy, satria tsy ho azony hamoronana "parc" hafa intsony eo amin'ny Soamandrakizay.

**Hilamina ny tanàna**

Toerana somary mihataka kely i Soamandrakizay, na dia mbola ao anatin'ny boriborintany fahadimy aza, tongan'ny taksibe soamantsara, ary tsy mampalain-komana ireo vahoaka vonona hihaino tatitra, tsy ampahafirin'ny mankany Imerinkasinina izay tongan'ny maro dia an-tongotra.
Azo antoka fa hanjaka ny filaminana ary hidorehitra mena sy hangorom-potsy ny eny Soamandrakizay, satria vahoaka hendry sy milamina ireo vahoaka ho tonga eny.
Tsiahivina f'efa nisy ny fotoana nanaovana ny Hetsiky ny Mpitondra Fivavahana ( HMF) teny Antsonjombe sy teny amin'ny Kianjan'Alarobia, teo koa ny fitsenana ny Filoha Ravalomanana tamin'ny 19 Febroary 2011 sy 21 Janoary 2012 teny Ivato, tonga tena marobe hatrany ireo vahoaka ary rehefa nirava dia maro ireo nandeha an-tongotra namonjy fodiana, tsy nisy tamin'ireo vahoaka ireo no nandroba, fa vao mainka aza nividy zavatra: sakafo, rano fisotro, sns… nanjifa ny entan'ireo mpivarotra mpiray tanindrazana, ary ireo nandeha tamin'ny fiara fitaterambahoaka dia nandoa sarandalana ara-dalàna avokoa, koa azo inoana fa na ny mandroso mankeny Soamandrakizay, na rehefa hamonjy fodiana amin'ny Sabotsy izao ireo vahoaka avy nihaino tatitra, dia azo antoka fa hampitombo indray ny vola miditra amin'ireo mpivarotra lalovany.
Feno ny fepetra ahafahan'ireo Solombavambahoaka manao ny tatitra amin'ny Sabotsy izao, koa dia miandry amim-pilaminana sy amim-pahatoniana ny vahoaka leon'ny DJ, na ny Didy Jadona mampahory sy tsy mitondra n'inona n'inona amin'ny fampandrosoana, ary manantena fatratra, f'izay tatitra ho heno eo dia tsy vahaolana petatoko sy vonjy tavan'andro, fa hitondra SOA MANDRAKIZAY ho an'ny andavanandrom-piainan'ny vahoaka Malagasy, satria na ny mpitatitra, na ireo hitaterana dia samy vonona amin'ny fanandratana ny firenena ary samy hitondra ambavaka izany, ny kianja hihaonana rahateo efa nohamasinin'i Papa François.


***Ny Valosoa***

Vehivavy TIM

# Naangona 1 861 000 Ar nanampiana ireo voafonja miisa 12

Ny sabotsy teo sy omaly alatsinainy no nanangona vola anampiana ireo voafonja miisa 12 mianadahy, voasambotra tamin'ny 20 febroary 2021 lasa teo ny Vehivavy Tiako i Madagasikara (TIM), tetsy amin' ny QG Bel'Air Ampandrana. Nandritra izany vola mitentina 1861000 Ar no voaangon'izy ireo, avy amin'ireo malalatanana eto an-toerana, sy avy any ivelany nahitana: ny Erikerika Madagasikara any Frantsa, olon-tsotra tsara sitrapo avy any Frantsa, sy avy atsy amin'ny Nosy La Réunion koa. Natolotra mivantana ho an'ny fianakavian'ireo voafonja ny vola voaangon'ny vehivavy TIM rehetra hatramin'ny 3 ora hariva teo omaly, ka nahatratra 150000 Ariary na 750000 fmg avy, isaky ny fianakaviana no nozaraina tamin'izany. Mbola mitohy hatrany ny ezaka hitsinjovana azy ireo, ka ny 8 martsa ho avy izao indray, andron'ny vehivavy no hanolorana izay ho voaangona rehetra. Nanatrika ny fotoana ny birao politikan'ny antoko TIM, notarihin'ny Sekretera jeneraly, Riana Randriamasinoro, nahitana ny mpandrindra nasionaly: Jean Claude Rakotonirina ary ny mpikambana amin' ny birao politikan'ny antoko : Julien Andriamorasata.

***Helisoa***



*Ny fanolorana ny valopy ho an'ny fianakavian'ireo voafonja 12 mianadahy, tetsy Bel'Air omaly.*

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

# Fampandrosoana mitsingevaheva tsy hipaka amin'ny fiainam-bahoaka

Miditra amin'ny volana fahatelo amin'ity taona ity sahady isika. Mihazakazaka ny andro sy volana. Toa mihazakazaka manaraka izay ihany koa ny fizotry ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana izao. Ny fizotrany ihany anefa no mihazakazaka, fa ny fomba fiasa sy ny fitantanam-pirenena tsy miara-dalana amin'izany. Niharihary ny tsy fahombiazan'ny fitondrana eo amin'ny tontolon'ny fampianarana. Saiky nanerana ny renivohi-paritany ny hetsika sy fitakiana teny amin'ireo Oniversite nataon'ny mpianatra. Lasa zavatra hafa indray no nandehanan'ny sain'ny mpianatra, fa tsy afa-nifantoka tamin'ny fandrantoana fahaizana amam-pahalalana, izay antony andehanany eny amin'ireny sekoly ambony ireny. Tsy inian'ireo mpianatra izany, fa ny fomba fitantanana mihitsy no tsy mahomby sy misy lesoka hatrany. Zana-bahoaka no mandranto fahaizana amin'ireny toerana ireny. Efa ho roa taona mahery eo amin'ny fitondrana dia tsy nahay nisoroka ny tsy itrangan'ireny toe-javatra ireny izay nampalahelo mihitsy, fa niafara tamin'ny famoizana aina mpianatra sy nisy rà latsaka.
Mihazakazaka hananika ny vovonana ny fitondrana kanefa ny tokonana aza tsy afaka. Izay no fahitana ny fihetsiny tato ho ato. Ny fototra tena ilaina sy zava-dehibe ho amin'ny fampiorenana marina ny firenena mba hahavanona azy aza atao antsirambina. Miha-mahazo vahana eny anivom-piarahamonina ny toe-tsaina mikoroso fahana noho ny antandrevaka amin'ny fitaizana sy fanabeazana ny olom-pirenena. Hita sy re ao anatin'izao fitondrana izao ny toe-tsaina tsy manome hasina intsony ny aina, ny hasarobidin'ny menaky ny aina, ny fanajana ny rariny sy hitsiny. Nihataka lavitra amin'ny lalan'ny fahendrena voafaritry ny soatoavina maha Malagasy madio ny fiainam-bahoaka. N'inona n'inona fanazavana dia tompon'andraikitra voalohany amin'izany ny fitondrana. N'inona n'inoa koa anefa asa na ezaka fampandrosoana ataon'izao fitondrana izao dia hiàla maina ihany izy tsy hahita fahombiazana satria ny fototra tena ilaina mihitsy no ataony an-tandrevaka. Ny fampisaraham-bazana ny mponina amin'ny fitanilan'ny fanomezana sy fanampiana ataony mandraka ankehitriny dia fositra iray lehibe manimba ny firaisankinam-bahoaka. Izay misaraka anefa fasika, hoy ny fahendren'ny Ntaolo. Hinia hikimpy anoloan'izany ny fitondrana, ka mihevitra fa ho voasaron'ny asa atao toy ny fanaovana fiara mihantona mikorisa amin'ny tariby sy ny zavatra samihafa toy izany dia hampilamina na hampirindra ny fiaraha-monina. Hadisoan-kevitra lehibe raha izany. Matetika koa anefa no diso hevitra sy tetika ny fitondrana hany ka misy fiantraikany ratsy eo amin'ny fiainam-bahoaka izany. Dia izao iaraha-mahita mbola ao anaty fahantrana lalina izao ny sarambabem-bahoaka.
Raha fehezina, mbola "valala eny an-danitra" ny asa fampandrosoana ambaran'ny fitondrana hotanterahiny. Izany hoe mbola tsy hisy fiovàna antenaina aloha amin'ny fiainam-bahoaka ao anatin'izao fitondrana ankehitriny izao. Fampandrosoana mitsingevaheva ihany, fa tsy manana fototra marina mifanaraka amin'ny sitraky ny vahoaka Malagasy.

***Sôh'son***

Antso nataon'ny vehivavy TIM

# Nanome fanampiana 900000 Ar ho an'ireo gadra politika miisa 12 ny biraon'ny TIM Frantsa

Niantso ireo malala tanana avy eto an-toerana sy any ampitandranomasina ny vehivavy Tiako i Madagasikara (TIM), hanome tanana azy ireo, amin'ny hanampiana ireo voagadra tsy ara-drariny miisa 12 voasambotra ny sabotsy 20 febroary 2021 lasa teo, ka nampidirina amponja avy hatrany. Ankoatra ireo fikambanana samihafa dia anisan'ny namaly ny antson'ny vehivavy ny biraon'ny TIM Frantsa, ka vola mitentina 900000 Ariary no natolotr'izy ireo tamin'izany. Ny Vehivavy TIM dia mankasitraka tamin'ny fitokisana napetraky ny biraon'ny TIM Frantsa azy ireo, izay nahafahany nanampy ny mpiarabelona tratry ny tsy rariny amin'izao fotoana izao. Mbola mitohy ny ezaka ataon'ny vehivavy TIM hitsinjovana ireo gadra politika amin'izao, amin'ny maha reny ny mpikambana ao aminy, araka ny fanamarihana nataon'ny mpikarakara.

***Helisoa***




*Ireo vehivavy TIM, nandray ny fanampiana ara-bola tetsy Bel'Air.*

## Ny Valosoa sy hadihady

# Miverina ireo nanakianana ny fitondrana teo aloha ary miha-mafy aza izany

Mampanahy ny tsy hisian'ny filaminana eto amin'ny Firenena raha ny tranga, tsy eto an-drenivohitra ihany, fa hatrany amin'ny faritra koa. Nisy ny fitokonan'ny mpianatry ny Anjerimanontolo tany Toamasina sy Toliara ary ny mpianatry « Ecole Normale Supérieure » Antsiranana. Tsy resahina ny teny amin'ny « Polytechnique » Vontovorona. Nisy ny fioharam-pefy tany Toliara satria nisy ny fandrobana. Tsy mahagaga loatra iny tranga iny, satria raha ny fiarovana sy fampanantenana ataon'ny mpomba ny fitondrana any an-toerana sady tera-tany avy any rahateo, dia tsy mifanaraka amin'ny zavatra iainan'ny mponina velively ary tsy mitondra vahaolana rahateo. Tsapa fa amin'ny toerana itrangana toe-draharaha mafana sahala amin'ireny ka amin'arivony no mihetsika dia mirodorodo midina mamaha olana ny mpitondra. Amin'ny toerana toa an'Antananarivo izay heverin'ny mpitondra, fa aman'hetsiny no hanohina ny antso dia fadrahonana sy fanapariahana manerana ny tanàna mpitandro ny filaminana, izay lasa herim-pamoretana no hasetry izany. Tsy vitan'izany fa manao fisamborana olona tsy manan-tsiny sy namoronana izao hatsanga tsy aman'orana rehetra izao entina andefasana eny amin'ny fitsarana, izay mampiditra azy ireny eny am-ponja, asa noho ny baiko? Araka izany dia tsy afaka maneho hevitra sy midina an-dàlambe intsony ny vahoaka eto amin'ity Nosy ity, na voasoratra mazava tsara ao anatin'ny Lalàmpanorenana aza izany, fa anisan'ny zo fototry ny olompirenena rehetra. Nodradradradrain'ny ministry ny serasera ankehitriny ireo zo fototra ireo, sivy volana taorian'ny nandraisan'ny filoha teo aloha, Rajaonarimampianina Hery, ny fitondrana, ka tao anatin'ny fanoherana izy. Delestazy izay nambaran'ny filoha teo aloha, fa ho foana tao anatin'ny telo volana kanefa tsy tanteraka na dia azo lazaina fa nisy ezaka ihany aza. Tetsy andaniny koa ny tsy fahampian-drano, ka nahatonga ny fidinan'ny mponina an-dàlambe. Ankehitriny dia miverina ireo nanakianana ny fitondrana teo aloha ary miha-mafy aza izany, kanefa dia ataon'ny fitondrana Rajoelina Andry ny sakana sy ny antsojay rehetra anakanana ny vahoaka tsy haneho hevitra, sy hivory an-kianja hanehoany ny tsy fankasitrahany izany toe-javatra izany. Mandrisika ny vahoaka hanao hetsika ihany koa ny fidangan'ny vidim-piainana tsy mbola nisy toy izany. Mihevitra ny mpitondra fa ny fanambatambazana ny olona amin'ny "vary tsinjo" amin'ny vidiny zato ariary mandritra ny telo volana dia hampisy ny fitoniana. Anisan'ny mampitroatra ny any amin'ny faritra ihany koa io tsy fanapariahana ity "vary tsinjo" ity any ivelan'Antananarivo, satria tsy ny Renivohitra ihany akory no Madagasikara ary tsy ny eto ihany koa no efa tsy takatry ny fahefa-mividin'ny mponina intsony ny vidim-piainana. Efa tsy navela niditra tao amin'ny Kianjan'Ambohijatovo ny solombavambahoaka enina eto an-drenivohitra ary torak'izany koa ny mpanohitra tamin'ny alàlan'ny RMDM ny sabotsy 27 febroary lasa teo. Rehefa nolavin'ny Prefet de Police ny fidirana teo Ambohijatovo dia nosakanana ihany koa ny fivezivezena teny amin'ny Araben'ny Fahaleovantena, sy ny fidirana tao Analakely. Rehefa nolavina ny nanaovan'ny solombavambahoaka tatitra tao Ambohijatovo dia efatra ambiroapolo ora talohan'ny andro iny dia nomena azy ireo ny eny Somandrakizay kanefa dia tsy tanteraka izany fanaovana tatitra izany noho ny tsy fahampian'ny fotoana fanomanana. Nanapakevitra ny solombavambahoaka enina mianadahy, fa ho eny Soamandrakizay amin'ny sabotsy 06 Martsa ho aavy izao ary efa manao ny fanentanana mifanandrify amin'izany ny ao amin'ny "Miara- Manonja". Ny ho avy no hanambara izay ho fihetsiky ny mpitondra, satria efa nanaiky ny toerana nomeny ny solombavambahoaka. Tsy mahagaga intsony mantsy ny fomba fanaon'ny mpitondra, izay mitsapatsapa ny halalin'ny rano, ka rehefa lalina dia miverina amin'ny teniny indray. Tsy misy mahasakana izany "rivotry ny fiovàna" izany rehefa mitsoka ary mbola manampy trotraka azy ny "rivotry ny fahafahana maneho hevitra sy ny fanoherana ny DJ: Didy Jadona".

***Andry Tsiavalona***

Hetsika saika nataon'ny RMDM

# Mpanao gazety miisa 2 nosamborin'ny mpitandro filaminana

Manampatra fahefana loatra ireo mpitandro filaminana eto amintsika amin'izao fotoana. Mpanao gazety miisa 2 no nosamborin'izy ireo nandritra ny hetsika saika notanterahan'ny RMDM tetsy Ambohijatovo ny sabotsy teo. Mpanao gazetin'ny Radio Mangarahara any amin'ny faritra Sofia izy ireto, saingy mitrandraka vaovao ihany koa aty an-drenivohitra. Nanome fotoana teny amin'ny kianjan'ny Demokrasia tetsy Ambohijatovo, tokoa ny sabotsy teo ny RMDM: Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara. Naka sary teny an-toerana ireto mpanao gazety ireto. Taorian'ny nakan'ny solontenan'ny Radio Mangarahara sary anefa, tsy afaka nanao ny asany ankahalalahana intsony izy ireo, satria nosamborin'ny mpitandro filaminana teny an-toerana, ary noentina nanaovana famotorana sy fanadihadiana teny amin'ny tombin'ny Zandary Ankadilalana. Nolazaina ho mpisandoka ho mpanao Gazety na dia nampiseho ny karatra maha mpanao gazetin'ny Radio Mangarahara teny ampelatanany aza. Soa ihany fa nandray ny andraikiny ny filohan'ny Holafitry ny mpanao Gazety (OJM), Gérard Rakotonirina, izay nitondra fanazavana, tamin'ny alalan'ny antso an-telefaonina, tamin'ny mpitandro filaminanana nanao fanadihadiana, ka nanambaran'ny filohan'ny OJM mazava, fa mpanao gazety mamita iraka toy ny mpanao gazety rehetra izy ireo. Taorin'izay fanazavan'ny filohan'ny Holafitry ny mpanao Gazety izay, 40 minitra mahery taty aoriana, izay vao navela malalaka ireo mpanao gazetin'ny Radio Mangarahara miisa 2 nisahana ny fampitana ny zava-nisy teny Ambohijatovo. "Asa masina ny fanaovan-gazety, tsy atao mahakivy ny antsojay azo avy aminy", io no hafatra fohy nataon'izy mirahalahy taorian'ny fisamborana natao taminy.

***Stefa***



*Ireo mpanao gazety mirahalahy voasambotra teny Ambohijatovo ny sabotsy teo.*

Antoko MFM sy ny krizy eto amin'ny firenena

# Fametrahana Praiminisitra manana fahefana feno no vahaolana

Fanovana sy fiovana no takian'ny vahoaka raha tiana ny hivoaka amin'ny krizy, fa tsy ny fiaraha-mitantana eo anivon'ny Governemanta, hoy ny filankevitry ny foibe eo anivon'ny antoko Mfm. Namoaka fehin-kevitra tetsy amin'ny Hotel Colbert Antaninarenina omaly maraina ity antoko ity ary nanambara, fa ny fametrahana Governemanta tarihan'ny Praiminisitra manana fahefana feno, no vahaolana amin'ny famahana ny krizy ary niantso ny filohan'ny Repoblika, mba hiroso haingana amin'ny fanatanterahana an'ity tolo-kevitra ity ny Mfm, satria ny fahatarana eo amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra no mahatonga ny koron-tana eto Madagasikara. Nanohy nanazava Andriamatoa Rakotovazaha Olivier filoha nasionalin'ny antoko Mfm, fa azo tanterahina ao anatin'ny fifampiresahana amin'ny latabatra boribory ny famahana olana eto Madagaiskara, satria betsaka ireo sakana ara-toetsaina sy ara-drafitra ary ara-pomba fiasa tsy ahafahan'ny firenena mandroso, izay mahatonga ny fifandirana politika, fiverimberenan'ny krizy, ny faharatsian'ny fari-piainan'ny Malagasy. Nanamafy ny filoha nasionalin'ny antoko Mfm, fa tokony hatsahatry ny mpitondra fanjakana ny fampihorohoana, sy fampiasan-kery ary ny fanagadrana an'ireo olona maneho hevitra, eo ihany koa ny fampiasana ny mpitandro filaminana, sy ny fitsarana, izay fitaovam-pamoretana eo ampelatanan'ny fiotndrana. Nahitana toromarika ho an'ny mpikambana anatiny ao amin'ny antoko Mfm ny fanambarana nataon'ny filankevitra, ao anatin'izany ny fitsinjarana andraikitra vaovao, ny fanomezana fahefana ny tompon'andraikitra isam-paritra, ny fiantsoana ny hery velona, mba handray anjara amin'ny mandatehezana ary hanentana sy hanangona an'ireo mpikambana teo aloha. Nanapa-kevitra ny hanaparitaka antotan-taratasy hanaovana adi-hevitra, sy fandalinana isam-paritra ny antoko Mfm ary hamerina ny sekolin'ny antoko, mba hanabeazana indray ny mpikambana sy ny vahoaka.

***Franck Razakambelo***




TONONKALO

## Henatrao

Henatrao mpanankarena sy mpitondra ankehitriny
Ny miletra tsy mijanona miaraka amin`ireo vahiny.
Tena voky hatreny an-tenda saingy tsy mahalala onony,
Fa mikepoka izay azo ka laniana hatramin`ny fonony !

Etsy andaniny kanefa, `ndeha jereo ny manodidina:
Olo-maro maty noana sy efa mila hitsingidina !
Ny fitoeram-pakonao no lasa toeram-pihinanany,
Itsindrohany izay kely hampitoniany ny hanoanany !

Iny ianao fa misonanina amin`ny fiara tena raitra,
Sy miakanjo ireo fitafy lafo vidy, tsara zaitra.
Ireto zanakao tsy eto fa nandao ilay Gasikara,
Ka ny vatsiny isan-taona, re fa amana miliara !

Etsy ankilany kanefa, indreo ireo ory sy tsy manana,
Mba mananika an`Ankatso ka maniry ny hotohanana !
Saingy izay mba vatsy keliny dia tsy omena ara-potoana,
Fa anaovana antsojay ka dia mazàna tara foana !

Ianareo, migoka foana, hany ka mirehareha.
Tsy mahalala jiro tapaka, na koa rano tsy mandeha.
Dia tena mihevitra mihitsy f`eo an-tampom-piadanana,
Fa ny zavatra rehetra efa tsisy izay tsy ananana !

Izany anefa dia fisainana tena ilana fanitsiana,
F`ianareo mihitsy anie ilay tokony hitomaniana !
Noho `nareo tsy menatra olona amin-"tsarim-piadanana",
Nefa mila halevina haingana f`efa maty am-pitsanganana !

***DADAN`i ZINA (28-02-21)***

## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Fa ny fahendrena izay avy any ambony dia madio aloha, ary tia fihavanana, mandefitra, mora alahatra, be famindrampo sy be voka-tsoa, tsy mihanahana na mihatsaravelatsihy."*
***Jakoba 3:17***

### Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

# Miroso ho amin'ny famoahana an'i Madagasikara anaty fahantrana

Tontosa ny loabariandasy nokarakarain' ny Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK), ho amin'ny fampandrosoana sy fampivelarana iombonana an'i Madagasikara sy mponina eo aminy, izay natao ny Sabotsy 21 Febroary tontolo andro lasa teo teny amin'ny Hotel Le Pavé Antaninarenina. Fanokafana tamin'ny fomba ofisialy ity natao ity, satria mbola hiparitaka manerana ny Nosy izany loabariandasy izany. Loabariandasy izay anisan'ny miavaka amin'ny maro, satria nametrahana vina iraisana manerana ny firenena. Lohahevitra lehibe nodinihina tao anatin' izany dia ny hoe: "Fiarahamonina toy ny inona no heverintsika fa tsara hiarahamonina eto amin'ny firenena?" Izany anefa tsy mipoitra ho azy amin'izao fotsiny, fa efa nisy fikarohana siantifika efa natao. Efa nisy dinidinika ary faritra rehetra manerana ny Nosy efa noresahana an'io. Ny vinam-piarahamonina sitraky ny olona eto Madagasikara ao



Ny filohan'ny AFK, Ricky Andriamparany.

anatin"izany dia hoe: Fiarahamonina misy Firaisan'aina (symbiotique): tsy mifampitsentsitra, tsy mifanambaka, fa mifanohana, mifamelona, mifanome tànana, mifampivelatra; sy Fiarahamonina mampisy firaisan'aina (symbiotisant). Manao izay hampisy mandrakariva izany firaisan'aina izany. Izay no ampitaina ao anatin'izao laobariandasy izao. Ny mpitondra fanjakana tsy tokony hitady vinam-piarahamonina hafa intsony, fa efa izany no ilain'ny Malagasy sy sitrany iainana.
Rehefa tanteraka io vina io, ny fiantraikany dia hazavana lehibe io eto amin'ny firenena. Tsy hisy intsony ny zanak'Ikalahafa ary ho tafavoaka ao anaty lavaka ny firenena rehefa mifantoka any ny ezaka rehetra hatao, raha ny nambaran'ny filohan' ny AFK, Andriamparany Ricky. Ary ao aoriana ao i Madagasikara ho lasa firenena sangany manerantany. Ny fandraisan' andraikitry ny rehetra, olom-pirenena, ny fiangonana, ny fanjakana, ny vondron'olona no andrasana ho amin'ny hahafahana manaparitaka sy manatanteraka izany vinam-piarahamonina hahasoa ity firenena ity izany. Efa mitarika ho amin'izany ankehitriny ny AFK, fa nomen'Andriamanitra tolo-tsaina amin' izany izy. Izany no nahafahany namokatra ireo fitaovana samihafa toy ny boky maro, sy ny lafiny informatika, izay miainga amin'ireo andry fototra sivy lehibe mahavaha ny olana lehiben'ny firenena nandritry ny taona maro izao. Efa eo am-pelatananan'ny vahoaka Malagasy ankehitriny ny fitaovana hafahany miala amin'izao manjo azy izao, anjarany sisa ny manapa-kevitra sy mandray andraikitra.

***Radafy***

## Mazotoa mihira

***Nitokona noho ny tsy fahazoan'izy ireo ny vatsim-pianarana 4 volana, miampy ny fampitaovana ny mpianatry ny Oniversite any Maninday Toliara ny faran'ny herinandro teo. Niteraka korontana sy fandrobana tao amin'ny renivohitry ny faritra Atsimo Andrefana izany hetsiky ny mpianatra izany. Hira momba an'i Toliara no atolotra anao androany, hiran'ny tarika Asco Music : Toliara Mihisa. Dia mazotoa mihira e!***

### Toliara mihisa

Anambarà iha laha tsy mahay
ASCO MUSIC n'anaranay
Itandilia riha laha tsy mahay
An-Tsianaloky ao ty misy anay

Balin'ny Toliara balin'ny tsapiky
Ndre ny mahalala ndre ny mankivisy
Samy mitsinjaky eo tia la tra-maraindray
Tsy misy ky mienieny io laha tsy afak'ay
Laha tsy afak'ay Nene ro mbo mafanafana
Zahay tsy mitotaly ndra I ro lany drala
Ndra ro lany drala aka tsy raha hitaray
N'ampela mihafon'ay tia tsy ahoanay!

Kiviro pilipily latsaky an-databo
Tsy soa tena raty iny ro mbo hiavonavo
Sady miavonavo ro tsy manaja olo
Tena fa sandra lo koa ro mbo voan'antsoro
Zay n'ataoko anao tia moramora avao
Tsika tsy hialy fa fisa soa ro atao
Mihisa soa avao Baba zalahin'ny Toliara
Zalahin'ny Toliara mikarakara!

Ay Nene : sia!!! Asio aka !

Olo henany toy io manaly misary nana
Manaly misary nana ie fa sarotsy mila drala
Vinanto noho Rafoza tsy atao fanohara
Tsy soa aharo raiky fa vita ny tantara!
Oy! Atao akory ie ao!!!

***Mpihira : Asco Music.***



## Sakafo Ny Valosoa



Henomby sy legioma indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Legioma : karaoty, sy haricot vert ary ovy no hafangaro amin'ny henomby, azo atao rony izany, azo atao saosy ketsaketsa koa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### "Sirop" manala rehoka vita amin'ny karaoty

Sirop manala rehoka, vita amin'ny karaoty indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.
Rehefa misy rehoka miforona any amin'ny tratra, vokatry ny hatsiaka, na aretina ao amin'ny taovam-pisefoana. Manelingelina izy ireny, indrindra raha diso be loatra, satria mampikohaka. Ity misy "sirop" mampihena ny famokaran'ny vatana azy ireny. Manamafy ny hery fiarovana koa ity sirop ity, ka manampy ho sitrana:



- Akora ilaina :
- Karaoty 500 g.
- Tantely tsy mitapoka 125 g.
- Tavoahangy kely mihidy tsara.
- Fikarakarana azy :
- rano 1 litatra.

Sasana tsara ny karaoty dia voasana ary tetehina madinika. Arotsaka ao anaty rano vao mangotraka ireo. Rehefa malemy vao vonoina ny afo ary potsehina tsara amin'ny sotrorovitra. Tapohina tantely avy eo dia totoina miaraka amin'ny mixeur. Atao ao anaty tavoahangy kely mihidy tsara. Misotro 4, ka hatramin'ny 5 sotro isan'andro, mba hampihenana ny rehoka ao an-tratra. Raha ho fisorohana dia iray sotro isan'andro no hanina.
Fanamarihana :
- Tsara ihany ny manamarika, fa mamy ity sirop ity, ka tsy dia mety loatra ho an'ny olona mila mifehy ny tahan'ny siramamy haniny. Tsy mety ho an'ny olona mihinam-panafody mampivalan-drano koa izy ity. Raha tena mamy loatra ny tsirony dia azo tapohana rano matimaty kely.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Ambodimahabibo, distrikan'i Boriziny, faritra Sofia

Ny tanànan'Ambodimahabibo, distrikan'i Boriziny, na Port-Bergé, faritra Sofia indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambodimahabibo ity tanàna ity. Any amin'ny faritra afovoany atsimon'ny faritra Sofia no misy azy. Azo lazaina ho avo toerana izy satria 208 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ankoatra izany, ahitana ny voankazo mahabibo koa any an-toerana.



ERIKERIKA MADAGASIKARA ANY FRANTSA

# Miantso ny fitondrana hampitsahatra ny herisetra sy fanapotehana fiarahamonina ataony

*HIRESAKA AMIN'NY MPITARIKA NY FIKAMBANANA ERIKERIKA MADAGASIKARA ANY FRANTSA NY GAZETY NY VALOSOA VAOVAO ANDROANY, MAHAKASIKA NY MOMBA ITY FIKAMBANANA ITY, SY NY ANJARA BIRIKY ENTINY AMIN'NY FAMPANDROSOANA NY TOEKARENA SY NY SOSIALIN'NY MPONINA ATY MADAGASIKARA. DINIDINIKA:*

**-Gazety Ny Valosoa Vaovao (GNVV): Faly miarahaba anao izahay mpanao gazety eto amin'Ny Valosoa ary misaotra anao filohan'ny fikambanana Erikerika Madagasikara namaly ny antso, hampahafantatra misimisy momba ny fikambanana.**
**-Erikerika Madagasikara (EM):** dia faly miarahaba anareo mpanao gazety rehetra koa ny tenako, Jean Philippe Rafidison, misolo tena ny fikambanana Erikerika Madagasikara (EM).Miarahaba koa an'ireo mpamaky ary misaotra sy mankatelina amin'ny fanasàna.

**-GNVV: vao tamin'ny herinandro lasa teo ny EM no niseho tamin'ny gazety nandray anjara namely ny antson'ny vehivavy TIM, hifanohana hanampy ireo olona miisa 12 voafonja tsy ara-drariny, noho ny tatitra nokasain'ireo depiote enina mianadahy natao ny sabotsy 20 febroary 2021 lasat teo. Azonao ampahafantarina misimisy aloha ve ny mikasika ny fikambanana?**
**-EM:** marina tokoa fa namaly ny antson'ireo vehivavy TIM izahay. Nanohina an'izao tontolo izao ny zava-niseho tamin'iny andron'ny sabotsy 20 febroary lasa teo iny. Nanohina anay izany satria lalana mankany amin'ny jadona no miseho ankehitriny any Madagasikara ary tsy afaka ny hitazana fotsiny ny fikambanana. Fa hamaly kely ny fanontanianao aho aloha.
Ny EM dia fikambanana manaraka ny lalàna frantsay, na 'Association Loi 1901', mankalaza ny faha-folo taonany amin'ity taona ity, niorina ny volana aprily 2011. Ny foibe dia ao amin'ny kaominina antsoina hoe Brétigny sur Orge, faritra Essonne, miala eo amin'ny 30km avy any Paris. Efatra mianadahy izahay no nanorina ny fikambanana, mpikambana mavitrika tao anatin'ny fikambanana GTT, na Gasy Tia Tanindrazana izahay, ary nanapa-kevitra rehefa nahazo lesona, fa hiompana kokoa amin'ny sosialy manoloana ny fahoriana tsy nitsahatra ny nitombo taorian'ny fanonganam-panjakana. Ary izay lafiny sosialy izay moa no azo tarafina ao anaty ny sata manambara ny tanjon'ny fikambanana dia ny "handray anjara amin'ny fampandrosoana an'i Madagasikara eo anivon'ny sehatra samihafa fahantrana, fahasalamana, fanatanjahantena, fanabeazana, sns... ary fanatsaràna ny fiainana andavanandron'ny Malagasy". Avo dia avo sy manara-penitra tokoa izany tanjona izany, toa mikasa hanakatra ny tsy takatra, raha ny entimanana eo anivon'ny fikambanana no jerena. Saingy tsy midika akory izany, fa ho indray atrehina daholo ireo sehatra ireo na koa ireo sarangan'olona rehetra. Izay indrindra no nahatonga anay nisafidy ity anarana hoe 'Erikerika' ity araka ny ohabolan-drazana miteny hoe "Ny erikerika maha-tondradrano". Raha indramina ny teny frantsay dia hoe "Les petits ruisseaux font les grandes rivières". Am-panetren-tena no hanatanterahanay ny asa anjara biriky ary ao anatin'ny fomba fiasanay mihitsy ny hoe : tahaka ny erikerika, tsikelikely ary atao mateti-piavy araka izay vita eo. Ny hetsika ataonay na andraisana anjara dia tianay hipaka avy hatrany any amin'ireo izay tokony hisitraka izany. Raha indramina indray ny teny anglisy dia hoe "quick wins". Izay angamba aloha no azo lazaina tsotsotra mikasika ny fikambanana.

**-GNVV: misaotra nanome fanazavana mikasika an'ny Erikerika. Fa alohan'ny hidirana amin'ny fanontaniana manaraka dia tiako singanina kely ny teny nampiasainao hoe "rehefa nahazo lesona". Azonay fantarina ve ny mikasika izany lesona izany?**
**-EM:** azo fantarina tokoa. Ny toe-javatra iainana sy sedraina moa dia azo raisina ho lesona avokoa. Fa raha singanina ny vitsivitsy amin'ireo dia voalohany ohatra ny fitantanana.
Azo lazaina fa eo anivon'ny fikambanana iray dia arakaraky ny hamaroan'ny tompon'andraikitra eo amin'ny fitantanana, no mahasarotra ny fandraisana fanapahankevitra ary ny fandrindràna sy ny fanatanterahana ny asa. Tsy mora ny mamory olona noho ny fahalavirantoerana, ny fitadiavana toeram-pivoriana, ny fotoana mampalalaka ny tsirairay. Ary rehefa tafavory ny olona dia araky ny hamaroan'izy ireo ny hevitra miposaka. Tsy mety anefa ny tsy mifanakalo hevitra ary an-tsitrapo koa no fahatongavan'ny tsirairay, hany ka mila omena fotoana izany.



Ny faharoa dia resaka miverimberina eny anivon'ny fikambanana rehetra tsy ankanavaka, dia ny resaka vola. Na fanangonana ny vola io toy ny fanomezan-toky tsy voahaja, na fitantanana io toy ny fanaovana mazava eo amin'ny miditra sy mivoaka, na fanaovana mangarahara amin'ireo te-hahalala, izany rehetra izany dia mety mametraka olona avokoa. Mampisy disadisa sy tsy fifampitokisana akory àry, ary mampikatso mihitsy ny tanjona nokendrena tany am-boalohany.
Ny fahatelo dia tranga hita eo anivon'ny fikambanana maro ihany koa, dia ny ady anaty hahatongavana eo amin'ny fitantanana. Dia miseho ny paikady samihafa rehefa tonga ny fifidianana.
Araka izany dia tsy zava-baovao hita eo anivon'ny fiainan'ny fikambanana izany. Ka lesona noraisina daholo izany nentina nitantanana ny fiainan'ny fikambanana. Ny fahavitsianay eo amin'ny fanapahan-kevitra dia manafaingana ny raharaha. Ny rafitra napetrakay koa ny hoe "naman'ny Erikerika". Ny olona ao anatin'io rafitra io dia mahazo vaovao, voaasa rehefa misy fihaonambe tanterahina toy ny "Journée Erikerika", voaantso handray anjara arakaraky ny hetsika.

**-GNVV: misaotra anao amin'ny fanazavàna. Ny fanontaniana manaraka dia mikasika ny asa sosialy tanterahinareo. Azonao zaraina aminay ve ny zavabitan'ny Erikerika?**
**-EM:** Ha! ha! Misaotra amin'ny fanontaniana. Vonona ve ianareo hiharitra ny tantara nandritra izay folo taona izay? Vazivazy ihany fa hetsika madinidinika no notanterahinay hatramin'izay, ary hetsika mipaka avy hatrany any amin'ny fiainan'ny tsirairay.
Ny hetsika voalohany nataonay dia tao amin'ny EPP Ankadifotsy ny volana desambra 2011, ka nisitrahan'ireo mpianatra 400 sakafo krismasy. Niara-nisalahy daholo, na ny mpampianatra, na ny ray aman-drenin'ny mpianatra (FRAM).
Nisy koa ohatra ny fanampiana ireo niharam-boina tamin'ny rivodoza Giovanna ny taona 2012 tao Andohatapenaka: PPN, fanamboarana lalantany mba tsy hiroboka anaty rano ireo mponina mandeha tongotra, fiantohana saram-pianarana.
Teo anatrehan'ny fahasahiranana miavosa dia nanao seminera ny fikambanana, nandinihana ireo mpisitraka ny asa sy fanampiana tokony hiompanan'ny fikambanana. Tao anatin'izany no nanapahana fa ny ankizy ihany aloha. Nanomboka nanome sakafo krismasy sy saram-pidirana tamina EPP no nifantohan'ny fanampiana. Ary nifindra EPP ny fikambanana rehefa tojo toejavatra tsy mampety ny fiaraha-miasa. Ny EPP farany namatsian'ny fikambanana sakafo krismasy dia tany Analapatsy, faritra Anôsy. Ny fifampitokisana no fenitra voalohany hanatanterahana sy hanohizan'ny fikambanana ny asa soa amina toerana iray.
Ankehitriny, araka ny voalaza teo am-boalohany dia hiova tanteraka ny hiompanan'ny ezaka ho ataon'ny fikambanana. Tsikaritray fa simbain'ity fitondrana ity ny rivotra eny anivon'ny fanatanterahan'ny fikambanana ny asa soa. Etsy ankilany dia tonga tety aminay ny antso nataon'ireo mpitarika ao amin'ny Miara-manonja hiray hina amin'ny ady amin'ny jadona. Ka dia iny fanampiana ny fianakavian'ireo olompirenena 12 voafonja tsy aradrariny iny, no hetsika voalohany ataonay. Maniry dia maniry izahay ny hanatsaharan'ity fitondrana ity ny herisetra sy fanapotehana fiaraha-monina, ary hifona amin'ny vahoaka. Ho reny ve izany antso izany?Izay aloha no azoko ambara fohifohy ny amin'ny zava-bita.

**-GNVV: misaotra anareo mpikambana rehetra ao amin'ny Erikerika ary mankasitraka amin'ny soa vitanareo amin'ny mpiray tanindrazana. Na dia lavi-tanàna aza ianareo dia tsy manadino ny firenena.**
**-EM:** Misaotra anareo mpanao gazety ato amin'ny Ny Valosoa koa izahay amin'ny fampahalalana vaovao, sy fanabeazana amin'ny alalan'ny lahatsoratra fanadihadiana sy fampieritreretana. Azo vakiana maneran-tany izao ny gazety Ny Valosoa Vaovao ity, izay miseho isaky ny telo andro ao amin'ny tranonkala (http://www.gvalosoa.com na http://www.gvalosoa .net). Tadidiko manokana, efa-polo taona lasa no nahatongavako taty Frantsa dia tsy afaka namaky vaovao tamin'ny teny malagasy raha tsy misy olona nitondra gazety avy any Madagasikara. Ankehitriny dia ny ivoahan'ny vaovao ao anaty fitaovana serasera toy ny Facebook sy YouTube, no ela fa dia azo arahina eo noho eo maneran-tany ny vaovao rehetra any Madagasikara. Ny vaovao an-tsary MBS sy ny fandaharana Miara-manonja dia azo arahina ny andron'iny ihany.
Mamerina fisaorana anareo ary mankasitraka amin'ny fampitam-baovao. Mirary fahombiazana an'ny gazety Ny Valosoa Vaovao.

***Nangonin'Isambilo***

Toamasina II

# Nanampy ireo mpamokatra voankazo sy legioma Ambatovy

Voankazo litchi 5,8 taonina no novidian'ny orinasa Newrest, izay misahana ny toeram-pisakafoana ao amin'ny orinasa Ambatovy, tamin'ireo tantsaha mpikambana ao amin'ny kaoperativa Fanoitra ao Toamasina II, ny volana desambra 2020. Taratry ny fanombohan'ny fiaraha-miasa tsara sy mahabe fanantenana eo amin'ny ity orinasa mpiantoka asa ho an'Ambatovy ity, sy ny tantsaha ao amin'ny kaominina Toamasina Suburbaine, sy Fanandrahana izany, satria mbola hivelatra amina karazana vokatra hafa ny filana ao Ambatovy amin' ity taona ity. Avy amin'ny tetikasa nataon'Ambatovy hanampiana ireo tantsaha mpamokatra voankazo sy legioma eny amin'ny faritra manodidina ny toerana fanangonana ny ambin'akora avy nakàna nikela sy kôbalta ao Toamasina II, nanomboka tamin'ny taona 2019, no nipoiran'izao fiarahamiasa izao. Tanjona ny hanampy ireo tantsaha mpikambana ao amin'ny kaoperativa Fanoitra, hampitombo ny vokatra sy hahita lalam-barotra, mba hanatsarana ny fidiram-bolan'izy ireo. Ho fanampiana azy ireo ihany koa hahamora ny fitaterana ny vokatra araka ny fenitra ilaina, nanolotra kesika zato vita amin'ny plastika mahazaka 20kg isanisany ho an'ny tokantrano miisa 35 mpikambana ao amin'ny fikambanana Fanoitra Ambatovy, ny fiandohan'ny volana febroary 2021 teo.

***Rainilita***



*Mpikambana ao amin'ny kaoperativa Fanoitra, mpiara-miasa amin'ny orinasa Ambatovy.*

Taekwondo - Open Analamanga

# Velom-bolo indray ny mpitia fanatanjahantena nanatrika haiady

Mpikatroka nanodidina ny 300 isa tany ho any, no niatrika ny fifaninanana “Open Analamanga” teo amin’ny taranja Taekwondo, izay nokarakarain’ny Ligin’ny Taekwondo Analamanga, notarihan’ny filohany, Rakotomanana Franck Tiana ny faran’ny herinandro teo. Ankoatra an’ireo klioba miisa 17 avy amin’izany ligy izany ahitana an’Antananarivo-renivohitra, Manjakandriana, Avaradrano, Atsimondarano ary Ambohidratrimo dia nisy koa mpikatroka avy amin’ny ligim-paritry ny Taekwondo avy any Vatovavy Fitovinany, Matsiatra Ambony ary Atsinanana, nandray anjara tamin’ny fifaninanana nandraisan’ireo sokajy rehetra anjara (sokajy “poussins”, ka hatrany amin’ny sokajy “seniors” lahy sy vavy). Nisongadina manokana ny nahavoahosotra an’i Tsiky mpikatroka sokajy “cadette – 47 kg” ao amin’ny Club Sorang, sy Orlando mpikatroky ny Atf Toamasina sokajy “seniors – 54 kg”, ho mpikatroka mendrika indrindra tamin’ity fifaninanana ity. Nahavelombolo ny mpitia fanatanjahantena eto Antananarivo izay tonga maro tokoa, tao amin’ny kianja mitafon’i Mahamasina nandritra ny 2 andro : sabotsy 27 sy alahady 28 febroary 2021” teo, ny nanatrika ny fifaninanana, ny nanaraka haiady indray rehefa tsy nanatrika an’izany nandritra ny ady natao tamin’ny valan’aretina Coronavirus nanomboka tamin’ny taona 2020 lasa teo iny.


*Fifaninanana teo amin’ny haiady Taekwondo ny faran’ny herinandro teo.*

***Rainilita***

Kaomisaria Analamahitsy

# Moto miisa 3 miandry ny tompony haka azy



Kaomisaria Analamahitsy, moto miisa 3 amin’izao fotoana no miandrhy ny tompony haka azy ireo. Arak’izany, ny Csp 8 Analamahitsy dia miangavy ireo izay tompon'ireo moto very ireo, mba hanatona ny kaomisaria eny Analamahitsy. Moto miisa 03 no indray hitan'ny Polisy miasa ao amin'ny boriborintany fahavalo, ka toy izao ny mombamomba azy ireo:

Ny voalohany dia moto mitondra ny marika Yamaha CROSS fotsy immatriculé 2458 TBF.

Ny faharoa dia moto marika "Peter grenat" tsy misy laharana ary efa tsy nisy kodiarana intsony rehefa hitan'ny Polisy.

Ny fahatelo kosa dia moto " Piaggio 50 CC Mainty".

Marihina fa teny amin'ny faritra Anjanahary sy Ampasampito no nahitana ireto moto ireto. Araka izany dia iangaviana ireo tompony mba ho tonga eny amin'ny kaomisaria Analamahitsy ary hitondra ireo antontan-taratsasy manamarina fa azy ilay moto.

***Stefa***

Orange Pro League 2020-2021

# Mbola mitarika vonjimaika ny Five Fc sy ny As Adema


*Fihaonan'ny Elgeco sy Five Fc farany teo.*

Mbola ny ekipan’ny Five Fc Analamanga ao amin’ny “Conférence Sud”, sy ny As Adema ao amin’ny “Conférence Nord”, no mbola mitarika an’isa vonjimaika ankehitriny taorianan’ny andro faha-6 sy andro faha-8 notontosaina tamin’iny faran’ny herinandro lasa teo iny. Eo amin’ny baolina kitra fifaninanana Orange Pro League 2021. Kianja maromaro no nanatanterahana ny lalao ny faran’ny herinandro teo, tany amin’ny kianja Maoderna Ampasambazaha Fianarantsoa, tany amin’ny kianja Barikadimy Toamasina, teny amin’ny Elgeco Plus Stadium teny amin’ny By-Pass, ary tany amin’ny kianja Rabemananjara tany Mahajanga.

***Rainilita***

Vazo Miteny

# Miverina ny hetsika ara-kolontsaina ao amin’ny AFT Andavamamba

Tao aorian’ny valanaretina coronavirus ny taona 2020 ireny ary na mbola misy aza izany amin’izao fotoana, miverina ankehitriny ny hetsika ara-kolontsaina atao ao amin’ny AFT Andavamamba. Ny zoma hariva teo, ny hetsika Vazo Miteny andiany faha-2 no nisantarana izany hetsika ara-kolontsaina izany tamin’ity taona ity. Nanafana ny fotoana tamin’izany, ireo mpanakanto manao itony antsoina hoe vazomiteny itony dia ny tarika Filah, Tselonina, Ifanihy ary ny tarika Belahy. Fahombiazana izany hetsika izany ary afapo ireo mpijery niatrika ny fotoana.

***Aly***


*Ny hetsika Vazo Miteny, tetsy amin’ny AFT Andavamamba ny faran’ny herinandro teo.*

Hakingana mitaingin-tsoavaly

# Norombahan'ny zandarimaria ny amboara

Hakingana mitaingin-tsoavaly, na sport équestre, norombahin'ny Holafy Mpitaingin-tsoavalin'ny Zandarimariam-pirenena (Peloton Monté) ny amboara, nandritry ny fifaninanana nokarakarain'ny Fédération malagasy de sport équestre (FMSE), izay natao tao amin'ny Club olympique de Tananarive (COT) tany Ilafy, ny alahady teo. Soavaly matanjaka sy tena ikohizana (Etalon de 4 ans) antsoina hoe "Rayon d'Or", izay nentin'ny Gp2c Ravelojaomanantsoa Duhamel, avy ao amin'ny Escadron Mixte de la Gendarmerie nationale no nahazoana izany amboara izany. Mpifaninana miisa 6 no nandray anjara, ka 3 teratany vahiny ary 3 kosa teratany Malagasy. Tsara ho marihina fa maro ny andraikitra napetraka amin'ity Holafy ity, ka anisan'izany ny fanofanana ireo soavaly ho amin'ny paorizenitra (Parade), izay hita rehefa amin'ny fotoan'ny matso ireny, sy ho amin'ny fisafoana andalambe (patrouilles en agglomération) ary ny asa fandriampahalemana any amin'ny toerana saro-dalana (poursuite dans zone enclavée)... Ireo soavaly sy alika karakarain'ny Zandarimaria dia vinaniana hampandraisina anjara tsy ho ela, amin'ny fanenjehana ireo mpanao asa-ratsy ety andrenivohitra, sy eny ambanivohitra.

***Lita***


*Mpitaingin-tsoavalin’ny zandarimariam-pirenena, nahazo ny amboara tamin’ny fifaninanana nokarakarain’ny FMSE.*

UEFA Champion’s League 2020-2021

# Ho mafimafy no hanjo an’ireo ekipa mandray anjara amin’ny 1/8-dalana

Ho mafimafy ihany ny hanjo an’ireo ekipa, mandray anjara amin’ny 1/8-dalana miverin’ny fiadiana ny amboaran’ny « UEFA Champion’s League 2020-2021 » eo amin’ny baolina kitra, satria tamin’ny lalao mandroso dia ny ekipan’i Porto avy any Portugal ihany no hany nandresy an-taniny araka ny vokatra : Rb Leipzig 0 – 2 Liverpool. Barcelone Fc 1 – 4 Paris-Sg. Séville 2 – 3 Dortmund. Porto 2 – 1 Juventus. Atlético Madrid 0 – 1 Chelsea. Lazio 1 – 4 Bayern. Atlanta 0 – 1 Real. Ortr Mönchengladbach 0 - 2 Manchester City. Fandaharandalao 1/8-dalana miverina 23:00 Talata 09 martsa 2021 : Juventus # Porto ; Dortmund # Séville. 23:00-Alarobia 10 martsa 2021 : Paris-Sg # Barcelone ; Liverpool # Rb Leipzig. 23:00-Talata 16 martsa 2021 : Real # Atlanta ; Manchester City # Mönchengladbach. 23:00-Alarobia 17 marta 2021 : Bayern # Lazio ; Chelsea # Atletico Madrid.

***Rainilita***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 27/02/2021 hatramin'ny 06/03/2021**

**- SANTE** (Behoririka 1ère à droite après Station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32 / 033 12 434 73 / 034 70 684 04

**- H** (Andrefan'Ambohijanahary) 032 05 111 65/034 14 011 65

**- NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95

**- AICHA** (Près CENAM 67ha) 020 22 620 02

**- RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 033 31 222 05/034 45 222 05

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1134-02-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

LALAMPIRENENA FAHA-32 (RN32)

# Tena ratsy ny lalana Antsohihy-Mandritsara

Tena ratsy ary mampitaraina ireo mpampiasa azy amin'izao fotoana, ny lalam-pirenena faha-32 (RN32), mampitohy an'Antsohihy, Befandriana Avaratra, tonga hatrany Mandritsara, any amin'ny faritra Sofia. Alaina adiny 8 ny lalana mirefy 81 km mampitohy an'Antsohihy sy Befandriana Avaratra, raha eo amin'ny salan'ny hafainganam-pandeha izany, 10 km/h eo no afak'ireo fiarakodia mampiasa izany lalana izany. Taona maro aty aoriana tsy misy fanamboarana ny lalam-pirenena faha-32, izay mampitohy ny distrikan'i Antsohihy sy Befandriana Avaratra ary Mandritsara.
Amin'ny fotoanan'ny andro fahavaratra toy izao dia potika tanteraka ny lalam-pirenena faha-32. Tena mijaly ny fiara mpitatitra entana sy fitateran'olona mandalo amin'ity lalana ity amin'izao. Araka ny fanazavana azo avy amin'ireo mpamily mpampiasa ny lalana dia alaina adiny 8 be izao ny lalana mirefy 81 km, izay mampitohy ny distrikan'i Antsohihy sy Befandriana Avaratra, izay efa voalaza teo. Azo iafiana ihany ny lalana mankany Mandritsara na dia isan'ny ahitana fahapotehana ihany koa aza. Fanirian'ny any an-toerana ny hanamboarana ity RN32 ity, satria anisan'ny faritra mahavokatra izany faritra izany.

***Niaina***



*Ny fijalian'ireo mampiasa ny RN32 amin'izao fotoana.*

« Randonnée Ortana 2021 »

# Hanomboka ofisialy ny sabotsy 13 martsa izao any Ambatomena



*"Randonnée" teo aloha, nokarakarain'ny Ortana.*

Hanomboka ny sabotsy 13 martsa izao ny « randonnée » na ny fizahantany laroina dia antongotra sy hazakazaka madinidinika ho karakarain'ny Ortana, na ny Ofisim-paritry ny Fizahantany amin'ny faritra Analamanga amin'ity taona 2021 ity. Any Ambatomena Vakinimananara, distrikan'i Manjakandriana no hisantarana ny hetsika amin'ity taona ity. Ankoatran'io any Ambatomena io, mbola hisy toerana miisa 17 hafa hanatanterahan'ny Ortana "randonnée" amin'ity taona ity, tsy hifarana ny hetsika hataon'izy ireo raha tsy amin'ny 11 desambra 2021. Tamin'ny taona lasa, noho ny valanaretina coronavirus, tsy afaka nanatanteraka firy "randonnée" ny Ortana, efa mipetraka kosa ireo fandaharam-potoanany ny amin'ity taona ity, izay irariany tsy hisy sampona toy ny tamin'ny taona 2020 iny intsony.

***Aly***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 339**

| | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | | |
| | Fiantsoana olona / Fofona / Tava (BR) | | | | | | Mpividy / Isa omena / Miala sasatra (BR) |
| | | | | | | Tsiro / Antitra / Ankizy | |
| | | | Tampisaka / Aba (miv) / Aia ? | | | | |
| | | | Faran-teny / Tonga (miv) / Solfa (miv) | | | | |
| | | | | Volana / Neny / Asa (miv) | Mitango (miv) / Haja sy voninahitra | | |
| | | | | | | | |

**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0338)

***Mitsivalana***
- Marenina
- Italia
- Naka – Fia
- Ivy
- Tianao
- Reraka
- Amalona

***Mitsangana***
- Minitra
- Vata – EM
- Rakitra
- Ela – Lay (miv)
- Ny – Fako
- Fay (miv) – Nan(a)
- Isa
- Ala – Lo (miv)

## TENY MIFANARAKA **N° 339**

| | A | B | D | E | F | G | H | I | J | K |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | | | | | | ■ | |
| 2 | | | | | | | | ■ | | |
| 3 | | | ■ | ■ | | | | | | |
| 4 | | | | | | | | ■ | | |
| 5 | | | | | | | ■ | ■ | | |
| 6 | | ■ | | | | | | | | |
| 7 | | | ■ | | | ■ | | | | ■ |
| 8 | ■ | | | | | | | | | ■ |
| 9 | | | | ■ | | | | | | |
| 10 | | | | | | | | ■ | | |

**Mitsivalana**

**1.** Tantely **2.** Itsofohana – Ao amin'ny rano **3.** Mikoriana ao anaty – Fitondran'entana **4.** Latabatra masina – Renintsoratra mitovy **5.** Nanolotra – Ariary **6.** Boriky **7.** Tsofoka – Ilaina amin'ny kajy – Aiza **8.** Arovanay **9.** Latsa – Tsara – Kianteny **10.** Vola madinika – Hazo maro (BR)

**Mitsangana**

**A.** Fintana – Naoty (miv) **B.** Marary saina – Fijerena **D.** Mpanoritra – Tsirin-teny Iharana – Tovona **E.** Dokotera – Zanahary **F.** Aorian'ny androany **G.** Mpisolo olona – Efa (miv) **H.** Maramara – Namita **I.** Leha **J.** Tanisaina (BL) **K.** Toro-hevitra – Simba, masiso (miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0338

**Mitsivalana**

**1.** Vorompotsy **2.** Eva – AN **3.** Heniheny **4.** (S)iny – Nofy (miv) **5.** Variana – Re **6.** Al(ina) – Ha (miv) – To (miv) **7.** Vinany – Na (miv) **8.** Diovy (miv) – Sazy (miv) **9.** Naoty **10.** As – Aoriana

**Mitsangana**

**A** Vehivavy **B.** (H)ena – Sivy (miv) **D.** Renirano **E.** Ovy – Ilaina **F.** Mahia – Ndao **G.** Nay – Ro (miv) **H.** Haingo (miv) – Ity (miv) **I.** If – Azia **J.** (O)sa – Orona **K.** Tenany (miv) – Soa

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny fandraisana sy ny fanolorana ny fanampiana ho an'ireo gadra politika miisa 12 nataon'ny vehivavy TIM teny Bel'Air.**















